Ho fanavotana ny firenena

Nanao antso avo ho an'ny sokajin'olona rehetra Ravalo

Nanao antso avo ho an'ny vahoaka rehetra tsy ankanavaka ny Filoha Marc Ravalomanana ny zoma lasa teo tao Bel'Air.

Fahasahiranan'ny vahoaka Malagasy

Tsy afaka ny hangina sy hijery fotsiny aho manoloana ny krizy ara-pahasalamana vokatry ny valanaretina Covid-19, ny krizy ara-tsosialy vokatry ny tsy fananana asa sy fidirambola ary ny krizy ara-ekonomika vokatry ny fitotongan'ny vola Malagasy, sy ny fisondrotry ny vidin'entana eny amin'ny tsena rehetra eny.
Mijaly, tena mijaly ny vahoaka Malagasy, indrindra fa ireo madinika, toy ny hoe kely tsy mba mamindro. Koa dia manao antso aho ho an'ny daholo be, satria vokatr'ireo krizy ireo dia latsaka ao anaty hantsana mangitsokitsoka ny firenena Malagasy.
Manoloana ireo antso izay ho ataoko aminareo ireo dia, ireo vahoaka marobe izay mitaraina isanandro, miantsoantso, miangavy mba hisy hijery izy fa milentika tanteraka ny fiainany. Tsy manana izay antenaina intsony izy ireo, fa very fanahy mbola velona. Tsapako, hitako ary henoko ny fitarainan'ireo vahoaka mpivarotra, ireo mpitatitra tamin' ny fidinana ifotony tamin' ny alarobia lasa teo. Tena ontsa, malahelo tokoa aho, ary tsy vitan'ny sentosento fotsiny izy ity, fa manoloana izany dia ao koa ireo sakantsakana, ireo ramatahora mbola mihàtra amin'izy ireo. Ka raha sendra mandalo ireo mpitandro filaminana dia efa mikoropaka izy ireo mangorona ireo entana kely izay ananany ary misy dia maka ankitsirano ny fananan'ireo mahantra ireo. Ao ny mpanararaotra, ao koa ny mampiasa ny fahefana eo am-pelantanany. O rey olona, mba jereo fa olombelona mitafy nofo sy rà ihany izy ireo.
Mandeha any amin'ny lalana izay tsy tokony izorana ny mpitondra ny firenena. Mahantra tanteraka ny ankamaroan'ny vahoaka Malagasy. Efa mahatratra 72% mahery ireo tena sahirana tanteraka, tsy mahita atao fa mipitrapitra fotsiny. Manampy trotraka an'izany ny fahasahiranana sy ny tsy fahafahana manampy amin'ny tsy fahasalamana, ny fangalana ankeriny ny fananana kely ananany rehefa sendra mivarotra izy. Sempotra sy tsy manan-kaleha intsony izy ireo, ka noho izany tsy hangina amin' izao isika. Tsy hangina isika satria olombelona ary Malagasy mitovy amintsika ihany izy ireo.

Antso ho an'ny mpitandro filaminana

Mitodika manokana aminareo mpitandro ny filaminana aho. Ianareo no tandroka aron'ny vozona. Adidinareo ny miaro ny vahoaka sy ny fananany, ary tena filamatra aminareo ny hoe "ho an'ny Tanindrazana".
Iaraha-mahita fa tena mahantra ny vahoaka ary sahirana ny firenena, satria tsy mizotra araka izay tokony ho izy ny fitantanana ny firenena malagasy. Aoka àry ianareo tsy hanaiky atao fitaovana famoretana sy fitaovana politika. Fantatro fa misy aminareo tena tsy mazoto manao an'ilay izy. Fa na izany àza, mijoroa amin' ny tena fitiavan-tanindrazana marina ianareo, ary henoy ny feon'ny fieritreretanareo sy ireo voady nataonareo.

Antso ho an'ny mpandraharaha

Ho anareo mpandraharaha, tsy ho tafavoaka na oviana na oviana ary aza manofy ianareo, amin'izany krizy ara-toekarena izany raha toa ka tsy mijoro mandray andraikitra isika, ary indrindra indrindra, raha toa ka tsy mifanampy isika. Ny mpandraharaha no mampihodina ny toekarena malagasy sy mamorona asa ho an' ireny mpiara-belona aminjakana, ianareo tsara sitrapo, fantatro ary hitako fa sahy ianareo mandefa ireny vaovao am-pelatananareo ireny, izay vaovao afenin'ny sasany. Noho izany tohizo ny fahasahianareo. Satria arakaraky ny fahenoan'ireo mpitondra an'izany no hahafahany manitsy ny tenany. Aiza ny tombontsoan'ny vahoaka Malagasy amin'izao zavamisy izao? Aza mangina fotsiny manoloana ny tsy rariny fa mijoroa mandrakariva mba hanarina ity firenena malalantsika ity.

Antso ho an'ny mpiasan'ny fahasalamana

Mitodika koa aho amin'ny mpiasan'ny fahasalamana, indrindra ianareo dokotera, paramedy. Mankasitraka sy mankahery anareo aho noho ianareo lohalaharana amin' ny ady atao amin'ity valanaretina Covid-19 ity. Miondrika am-panajana eo anatrehan'ireo matin'ny aretina, ary tsy ela koa fa vao omaly. Mirary fampiononana ho an'ireo fianakaviana. Ary ho an'ireo izay marary, maniry fahasitranana haingana.
Tsy afaka hiroso amin'ny fanarenana ny ara-toekarena isika hoy aho aminareo raha tsy voafehy tanteraka ity valanaretina Covid-19 ity. Noho izany mila fiarovana sy fanampiana manokana ny mpiasan'ny fahasalamana manerana ny Nosy. Manao antso avo amin'izy ireo aho, mba tena hanao araka izay azony atao satria tena ripaka ny vahoaka Malagasy. Ary ny antontanisa izay omena dia tsy mifanandrify velively amin'ny zavamisy. Tokony ho jerena akaiky ny fanampiana ara-tsakafo izay olona marefo, tsy manan-kanin-kohanina, nefa mbola misy ihany ity hamehana arapahasalamana sadasada ity, sabotsy sy alahady ihany no misy azy.

Lalampanorenana sy ny fanoherana

Eto am-pamaranana dia mbola manamafy aho fa ny zava-dehibe dia ny fanajana ny Lalampanorenana, ny lalàna velona ary ny zon'olombelona, izay miaro ny zo fototra, anisan'izany ny fahafahana maneho hevitra ankalalahana. Koa tsy ekena ny fanaovana ramatahora ny Malagasy izay tsy mitovy hevitra amin'ny mpitondra. Aoka mba tsy atao fitaovana politika ny mpitandro filaminana sy ny fitsaràna.
Omeo sehatra ihany koa izahay ato amin'ny antoko mpanohitra, fa zonay izany. Ary samy mahalala isika, ireny zavatra nidraharaha aho, miantso ireo firenena ivelany aho. Tsy hipetraka mihitsy izany fifampitokisana izany raha tsy miainga avy aty amintsika aloha, dia samy manaiky daholo ny rehetra, fa hoe ny fahalalahana miteny, maneho hevitra, milaza ny tsy mety. Efa manao izay ezaka vitany milaza ny marina ireo haino amanjery, toy ny Miara-Manonja, ny Sahia sy ireo fandaharana hafa. Koa hoy aho hoe: omeo sehatra ny mpanohitra, fa na aiza na aiza firenena dia misy foana ny mpanohitra. Ary ny mpanohitra, arakaraka ny hanerenareo anay hanao zavatra tsy tokony hataonay, vao maika loza.
Ka dia milaza aho eto ry vahoaka Malagasy, miantso aho, ary tena miantso aho amin'ny foko mihitsy, fa tena tsy sahaza ny vahoaka Malagasy ny zavatra iainany amin'izao fotoana izao.
Ary amin'izao zoma mialoha ny fety kristianina, filatsahan'ny Fanahy Masina izao, dia miantso ny Fanahy Masina aho hirotsaka amintsika tsirairay avy, ho anareo mpitondra, ho anareo vahoaka, ho anay mpanohitra, mba samy handeha amin'ny lalana tokony ho izy, ary samy hitsara tena isika, samy handinika.
Eto am-pamaranana dia mankasitraka anareo izay manana fitiavana sy miezaka mifanampy amin' ireo madinika ireo. Efa mihoatra ny androatokon'ny vahoaka eto Madagasikara no mahantra, fadiranovana, tsy manana atokona, raha sendra manontany an'izy ireo dia tsy mihinankanina, indray mande isanandro ihany raha misy àry hoy izy. Ka dia mbola averiko indray amin'izao antso ataonay izao, tsisy fitenenana intsony eto, tsisy fahatahorana intsony eto, tsisy fifanajana intsony eto rehefa ianareo mpitondra no tsy miseho ho modely. Misaotra an'Andriamanitra fa omeny fahasalamana afaka hijoro, afaka hiantso, afaka hilaza, ary mamporisika anareo izay manaraka ao aorianako. Fantatro ny fitiavanareo ny tanindrazantsika. Fantatro ny fitiavanareo ny fianakaviantsika. Fantatro ny fitiavanareo ny Malagasy mpiray tanindrazana amintsika ary fantatro dia fantatro ny hetahetanareo rehetra fa tsy te-hiaina fiainana toa izao. Koa dia manainga anareo aho, miantso anareo aho, aoka havondrona ny herintsika. Aoka isika hiaraka hitsangana ary hitarika hatramin'ny farany mihitsy aho.

Ny Valosoa

Ny Valosoa sy hadihady

Fivoriana tany Paris

Voadakan'i Renimalala i Rajoelina

Nanakoako ny fivoriana iraisampirenena nokarakarain'i Frantsa, nentina hanarenana ny toekaren'ireo firenena afrikanina noho ny krizy manerantany, nasetrin'ny valanaretina Covid-19. Filohampirenena afrikanina tsy latsaky ny 15 no nanatrika izany fivoriana izany tany Paris, ary firenena Eoropeana toa an'i Italie, Espagne, Portugal sy ny Vondrona Eoropeana no niatrika izany. Firenena maro hafa koa no nandray anjara avy lavitra tamin'ny alalan'ny fitaovan-tseratsera hary fomba na ny vidéoconférence. Voasolotena tamin'izany koa ireo fikambanana iraisampirenena toy ny FMI, ny Banky Iraisampirenena, ny OMC fikambanana iraisam-pirenena momba ny varotra. Saingy nanjavona teo anivon'ity fivoriambe ity i Madagasikara sy ny filoha Rajoelina. Eto no miseho ampahibemaso fa tsy jamba ary tsy marenina i Frantsa, sy ireo tomponandraikitra eo amin'ny sehatra iraisampirenena eo anatrehan'ny nafitsok'i Andry Rajoelina nandritra izay roa taona sy tapany nitondrana an'i Madagasikara izay. Tsy hadino ny esonteny nataony mikasika ireo mpamatsy vola mahazatra, nilazany fa raha mbola miankina amin'ireo isika dia, na amin'ny 2030 na 2050 dia tsy handroso mihitsy. Teo koa ny fiheboheboany fa hitodika aty Madagasikara ny mason'izao tontolo izao, satria izy no hitondra ny fanefitra amin'ity valanaretina Covid-19 ity amin'ny alalan'ny CVO-ny, ary niavonavonany mihitsy izany vaksiny izany, fa mbola nampiany CVO+ àry. Ny fanampiana nomen'ireo mpamatsy vola nentina niatrehana ny valanaretina dia voahodinkodina ary tsy ahitàna mangaraharaha hatramin'izao. Ny tetikasa IEM notatatataina nandritra ny fampielezankevitra dia tsy niainga, ary ny anarana no andramana hovaina ho "Plan Marshall" na "PEM", fa fampiesonana daholo. Ampiharina ny jadona amin'ny alalan'ny herimpamoretana sy ny fifehezana ny fitsaràna. Maizina tanteraka ny fiainan'ny maro an'isa noho ny hafitsok'ity fitondrana Rajoelina ity, ary hita sy ren'izao tontolo izao izany. Amin'ny fomba mihaja sy mahery vaika no nanehoan'ireo izay tsy mankato an'izao fitondrana jiolahimboto izao, fa tsy mendrika ny handray anjara amin'izany fivoriambe iraisampirenena izany i Madagasikara, fivoriana izay nentina handinihina ny fomba fanampiana ny toekarenan'ireo firenena afrikanina izay misedra ny mafy amin'izao krizy izao. Tsy vitan'ny tsy mamy hoditra eo anivon'ny maro an'isa intsony i Andry Rajoelina, fa na dia i Renimalala aza izao dia mandaka azy ivelan'ny trano. Tsy misy azo antenaina intsony amin'ity fitondrana Rajoelina ity.

Ny Valosoa